## II. FANDRAISANA DIDIM-PANJAKANA

**MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY**

- Nolaniana ny didim-panjakana famerenana manamboninahitra iray eo anivon'ny Tafika Malagasy.

**MINISITERAN'NY FANAJARIANA NY TANY SY NY RAHARAHAN-TANY**

- Nolaniana ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-697 tamin'ny 18 jona 2025 mamaritra ireo fepetra fananganana ny "*Sommier National des Baux*" ho famondronana, fitantanana ary fanaraha-maso ireo torohay rehetra momba ny fananan-tany mifandraika amin'ny fifanekena hofan-tany natao tamin'ny Fanjakana Malagasy.

**MINISITERAN'NY ANGOVO SY AKORAN'AFO + MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY**

- Nolaniana ny volavolan-drijan-tenin-dalàna manome alalana ny hanaovan'ny Repoblikan'i Madagasikara sonia ny fanitsiana ny Fifanarahana lasitry ny Alliance Solaire Internationale.

## III. FANENDRENA MPIASAM-PANJAKANA AMBONY

**FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA**

- Noraisina ny didim-panjakana manendry ny **Général de Brigade Aérienne (ER) RAKOTOMARONIRINA Jean Alfred** ho Tale Jeneraly mpisolo toerana eo anivon'ny *Fonds Souverain Malagasy.*

**PRIMATIORA**

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2025-1149 tamin'ny 05 novambra 2025 ary manendry an-d**Ramatoa KASSAM Zitana** ho *Directeur Administratif et Financier* eo anivon'ny Primatiora.

- Noraisina ny didim-panjakana manafoana ny didim-panjakana laharana faha 2020-085 tamin'ny 05 febroary 2020 ary manendry ny **Capitaine de Vaisseau RAMAROSATA Dimbiharivony Gislain** ho Tale Jeneralin'ny *Centre de Fusion d'Informations Maritimes* (CFIM).